A Ny laharam-pahamehana ho antsika. Lioka 14:26-33.

- ❖ Rehefa ny harena sy ny fanana no manjary zava-dehibe ho antsika noho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, dia tafalatsaka ao anatin'ny materialisma isika.
- ❖ Raha ny filan'izao tontolo izao no maharevo antsika, dia manangana ny “tilikambon'”ny fiainana eo amin'ny fototra tsy izy isika.

B Ny filantsika.

- ❖ **Ny filan'ny nofo [Fitsiriritam-boninahitra]. Lioka 12:15-21.**
  - — Andriamanitra no manome antsika fitahiana ara-materialy, sy hery hahazoana azy ireny ary ny fahaiza-manao hampiasa tsara azy ireny.
  - — Kanefa, ny faniriana hanan-javatra dia mety hanan-danja bebe kokoa noho izay tena manan-danja: ny fiainana mandrakizay (Lioka 12:15-21).
  - — Andriamanitra dia manome antsika fitahiana ara-materialy izay haintsika ny mitantana azy, ary hoy Izy amintska: “aza miavonavona ny fonao, ka hohadinoinao Jehovah Andriamanitrao.” (Deotoronomia 8:14).
- ❖ **Ny filan'ny maso [falihanana]. Matio 6:22-24.**
  - — Ny dokam-barotra dia mampiseho sary—mazana no tsy tena izy—izay mamporisika antsika hividy ireny zavatra ireny, izay tsy tena ilaina akory.
  - — Mitombo ao anatintsika ny falihanana rehefa maniry te-hahazo ireo zavatra hitan'ny masotsika isika. “Mendrika ho ahy io”, “karakarao ny tenanao”, “raha mividy an'io aho izao dia ho tanteraka ny nofiko tamin'ny fahazazana.”
  - — Haitraitra ny zavatra rehetra. Raha avelatsika ao am-pontsika ny fahalianana, dia hanjary fivavahana diso izany. Tsy hanome fahafaham-po ny fanahy izany fa ny “filan'ny nofo” (Galatiana 5:16).
  - — Izany no nahatonga an'i Jesosy namporisika antsika hitandrina ny masotsika ho madio.
- ❖ **Ny rehaka ny amin'izao fiainana izao [fanandratan-tena]. Romana 12:3.**
  - — Inona no mampitovy an'i Losifera (Ezek. 28:17; Isa. 14:14), Nebokadnezara (Dan. 4:30) ary ny Fariseo (Lioka 18:11-12)? Manandran-tena izy ireo. Izany hoe, manana fiheveran-tena ho tonga lafatra sy tena zavatra izy ireo.
  - — Io olana io matetika dia mifandray amin'ny fitiavam-bola (1Tim. 6:10). Ny mpanan-karena—ary ireo izay maniry izany—dia manjary mirehareha, miavonavona ary tia tena tsy manana an'i Jesosy (Marka 10:25).

D Ny maha-izy azy antsika. Matio 6:24.

- ❖ Inona no maha-izy azy antsika? Mpanompon'ny materialisma sa mpanompon'Andriamanitra?
- ❖ Ny fitantanam-panana sy ny materialisma dia manerana ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainantsika. Miankina amin'izay safiditsika ny maha-izy azy antsika. Mety ho mpitantana na andevon'ny zavatra omen'Andriamanitra ho antsika isika.
- ❖ Manome antsika fitahiana ara-materialy Andriamanitra mba hifaliantsika sy hamolavolana ny toetratsika. Rehefa mampiasa azy ireny hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy hanampiana ireo noforoniny isika, dia voatahy. Raha manjary materialista kosa isika, dia ho very izany fitahiana izany.
- ❖ Andeha hiankohoka amin'Ilay Raintsika izay any an-danitra isika eo am-pankasitrahana ireo zavatra materialy eto an-tany, satria Izy no nanome izany ho antsika.